FANDAHARANA VFTM
SABOTSY 1 JONA 2019
MANKATO NY TOMPO NY MPINO

3ora : fandaminana ny efitrano
4 ora :FANOMBOHANA
FANOMPOAM-PIVAVAHANA tarihin'ny Mpitandrina RAHARIJAONA(10minitra)
4 ora 15 minitra : FOTOANAN'NY MPIANATRA
HIRA FIDIRANA : **782 – Lazao, lazao, rankizy**

1. "Lazao, lazao, rankizy!
Izay nandaozan'i Jeso
Ny fanjakany mba honina tety".
**"Ry mpampianatray ô!**
**Hamonjy sy handio**
**Antsika olom-bery**
**No nihaviany".**
Fiv : Mifalia izao,:,:
Misy avotra sy vonjy
Ho antsika aty

2. "Rankizy ô, rankizy!
Mpitrosa hianao,
Ka inona no omenao
Hanefa trosanao?"
**"Ry mpampianatray ô!**
**Ny saina amam-po**
**Homenay mba ho Azy**
**Raha velona izahay".**
Mifalia izao, sns…

3. "Rankizy ô, rankizy!
Hamonjy sy handray
Anao ve Jeso Tompo
Raha mino hianao?"
**"Ry mpampianatray ô!**
**Matoky izahay**
**Fa efa maty Izy**
**Ho avotray to ko a**
Mifalia izao, sns…

4. "Rankizy ô, angataho
Ny indrafony izao.

Ry Jeso ô, Mpamonjy!
Mba iantrao izahay
**Ry Tompo ô! Ry Tompo!**
**Henoy, henoy izahay,**
**Na kely na vaventy,**
**Izay mitaraina izao:"**
Mifalia izao, sns…

## HIRA : Jesoa tsara ho ahy

## LEHIBE AHO IZAO (mael, Soa, Princia)

MAEL :Lehibe aho izao !
Tsy toy ny tamin ny taona lasa,
Tsy nanao afa-tsy lalao,
fa efa mianatra sy miasa.
Lehibe aho izao !

SOA :Lehibe aho izao !
Tsy toy ny tamin ny taona lasa,
Tsy nanao afa-tsy lalao,
fa efa mianatra sy miasa.
Lehibe aho izao !

PRINCIA :Haiko ny mamaky teny,
Ny manisa koa toy izany ;
Ny manampy an i Neny
No ikirizako hatrany.
Lehibe aho izao !

MAEL, SOA,PRINCIATsy mitomanimany foana,
Ny midongy izao tsy ilaiko,
Ny andaniako ny fotoana
Dia ny tsiky tena haiko.
Lehibe aho izao !

## Hira : Ialina lehibe

## FANAOKO (heja, lanja, harifidy)

HEJA :Fanaoko ny mivavaka
vao tonga ny maraina
tsy ho any an-davaka
ny adidy izay efaina.

LANJA :Fanaoko ny misaotra
ny zava-tsoa nomena
fa tsy mpanararaotra

na toa olona tia tena.

HARIFIDY :Fanaoko ny mandika
ny teny izay voavaky
fa satriko hanjopiaka
sy mba hiasa malaky.

HEJA, LANJA, HARIFIDY
Fanaoko ny mamboly
ny tsara tian'ny maro
fa eny lava ny devoly
manimba ka fantaro.
(Fredy JAOFERA)

HIRA :ny Baiboly

AZA MADITRA MANARAKA AHY(babeth, itokiana)

BABETH :Aza maditra manaraka ahy
Sao tsy ividianako darazay,
Fa raha zandry ratsy fanahy
Manala baraka ny dadanay !

ITOKIANA :Aza maditra manaraka ahy
Raha tsy ahazaka ny entana e !
Fa aleo vehivavy mitomban dahy
Toy izay lehilahy bonaika be.

BABETH, ITOKIANA :
Aza maditra manaraka ahy
Raha tsy ho vonona lalandava
Hisedra ny mafy ka tena sahy
Hampijoro ny marina tsy ho rava.
(L.Rajoelisolo)

Hira : 782

FAHATSIAROVANA NY NANDEFONANA AN-DRASALAMA MARITIORA
Publié par Laza RAFENONIRINA

Mpilalao :

Rasalama : Mihaja

Ramiandravola : Heja

Rainiharo : Lanja

Ranavalona : Sariaka

vadindRamiandravola : Mirado

radama : Harifidy

Soahary , Mael, Princia, naman-Rasalama

Mpanolo tsaina andRanavalona : Mitia

Babeth : Tonga teto Madagasikara tamin'ny taona 1818 ireo misionera protestanta ny LMS. Tany amboalohany dia tany amorontsiraka antsinana izy ireo no nitoby, tany Toamasina indrindra.

Itokiana : Radama 1°, mpanjakan'i Madagasikara tamin'izany fotoana izany dia nihevitra fa ilain'ny taniny ny fampandrosoana sy ny fivoarana nananan'ny tandrefana. Nanao didy izy manokatra ny tany sy ny fanjakana ho an'ny misionera. Nanorona sekoly ny misionera, niezaka hampianatra ny zaza Malagasy hamaky teny sy hanoratra. Isan'izany RASALAMA zazavavy avy ao Manjakaray eo avaratr'Antananarivo.

Babeth : Maty tamin'ny taona 1828 RADAMA. I MAVO vadiny no nandimby azy ary nandray ny anarana hoe : RANAVALONA Voalohany. Tany am-boalohany dia nifanaraka tsara tamin'ny misionera izy. Nefa ireo mpanolo-tsaina azy dia tsy faly tamin'ny misionera izay noheveriny fa handrombaka ny toerany ka nanoro hevitra ny Mpanjaka handrara ny fivavahana kristiana.
Vetivety foana dia lasa tsy tia vazaha izy. Izay rehetra nentin'izy ireo dia norarany avokoa. Lasa razam-bazaha i Jesosy Kristy taminy.

Itokiana : Nenjehan'ny Mpanjaka ireo « Mpanao Batisa ».
Lasa heloka ny maha-kristiana ka mitarika sava hao, fanaovana sesi-tany, fanamelohana ho faty aza.
Rasalama sy ireo namany na izany aza dia mbola nivory an-tsokosoko ka nanao fanompom-pivavahana tao an-dava-bato tao Manjakaray.

Mioty : Tao aorianan'ny fisavana tao an-tranony dia nahitana boky voarara tao aminy. Noho izany dia nentina namidy ho andevo avy hatrany tao Ambatondrafandra izy.
Novidin'ny Praiministra izy satria fantany fa havan'dRAMIANDRAVOLA, namany.
Ary dia napetrany tao amin-dRamiandravola izy mba ho reseny lahatra.

Guillaume :Indray andro nalahelo noho ny tsy rariny natao tamin'ireo namany RASALAMA dia niteny tamin'ny vadin-dRamiandravola hoe :

RASALAMA : « Mba mahagaga ihany ny mahita olona tsy mpikomy, tsy mpangalatra nefa dia hatao sava hao ary dia hamidy ho andevo. Mba mieritrereta ihany sao hiaran'ny fahatezeran'Andriamanitra ianareo."

Guillaume :Tezitra noho izany ny vadin-dRamiandravola ka lasa nitatitra tany amin'ny vadiny izay rehetra reny.
Ity farany koa lasa nankany amin'ny Praiministra nitaraina.
Na izany aza, Rainiharo dia nanoro hevitra an-dRamiandravola mba hanova an-dRasalama amin'ny fomba rehetra.
Hoy Ramiandravola tamin'dRasalama indray andro :

RAMIANDRAVOLA : «Fantatro fa mpihavana isika fa raha mbola manohy manao izay tsy tian'ny Mpanjaka ihany ianao dia tsy mpihavana intsony isika. Izaho tsy manana hatahorana afatsy I Rainiharo sy ny Mpanjaka."

RASALAMA : « Raha tia ny Mpanjakan'ny tany tahaka izany ianao, nahoana aho sakananao tsy ho tia sy hanaja ny Mpanjaka ny lanitra »

RAMIANDRAVOLA : « Mangina eo fa indro zairo ity akanjoko ity fa ilaiko"

RASALAMA : « Azafady Tompoko, tsy afaka manjaitra an'iny aho satria Alahady androany, andron' ny Tompo"

RAMIANDRAVOLA : « Ikala ratsy ity ! hahita ahy ianao androany"
RASALAMA : « Tandremo ny teny ataonao. Mbola hihaona eo anatrehan'Andriamanitra izaho sy ianao »

RAMIANDRAVOLA : « Iza no hifanatrika aminao ry kala ratsy ity »

RASALAMA : « Eny Tompoko, tsy maintsy hisy izany"

**Mioty** : Tezitra noho izany RAMIANDRAVOLA ka lasa nitatitra tany amin'i RAINIHARO, izay lasa nitantara tany amin'ny Mpanjaka ny zava-miseho avy eo.
RANAVALONA : « Hay maninana ahy I Kala adala iny !
Tsy misy Mpanjaka hafa afa tsy izaho eto Madagasikara.
Vonoy any iny"

**Itokiana** : Nogadraina avy hatrany tao amin'ny Fiangonanan'Ambatonakanga i Rasalama. Natao gadra-fohy izy, izany hoe : nafatotra tamin'ny rojo vy mitambatra ny tanany sy ny tongony, ka voatery miforitra mifanakaiky amin'ny tongony ny lohany. Tsy nitarainany anefa izany fa hira sy vavaka no nandaniany ny alina nigadrany.
Ny marainan'ny 14 aogositra 1837 dia nentina holefonina tany Ambohipotsy izy. Teo Andohalo dia niato kely izy ka nitodika nijery ny Fiangonana no sady niteny hoe :
**RASALAMA :"Tao no nahitako an'i Jesosy Kristy"**
Teny an-dalana dia tsy nitsahatra nihira i Rasalama ary isan'ny hira nohirainy ny fihirana 540 ao amin'ny fihirana FFPM: *Hitako ny lalan-tsara ka izorako izao.*

## 540 – Hitako ny làlan-tsara

MIHAJA1. Hitako ny làlan-tsara,
Ka hizorako izao,
:,: Azoko ny famonjena,:,:
Ka hotanako tokoa
:,: Manampia,:,:
Ry Fanahy Masina.

NY ANKIZY REHETRA
2. Ravoravo aho, Jeso!
Hianao no Tompoko;

:,:Faly aho, ry Mpamonjy!:,:
Afakao ny heloko;
:,: Gaga aho :,:
Noho ny fanavotanao.

NY FIANGONANA
3. Fitiavana ihany
No natolotrao anay;
:,:Nefa kosa fahotana:,:
No navalinay Anao:
:,: Aza isaina :,:
Re ny hadisoanay.
4. Ny mpanota hilazako
Ny Mpamonjy tànako;
:,:Hilazako fa ny rany:,:
No nataony avotra;
:,: Matokia,:,:
He, ny fitiavany!

Itokiana : Nandalo ny lapan'ny Praiministra sy ny Rovan'i Manjakamiadana ny làlana vao tonga tao Ambohipotsy.
Nandohalika nivavaka i Rasalama ary teo no nandefonana azy.

Mioty : Rasalama no maritiora kristiana malagasy voalohany, nefa tao aorianany dia mbola nisy ny nolefonina tao Ambohipotsy, navarina tao Ampamarinana, nodorana velona tao Faravohitra ary notoraham-bato tao Fiadanana.

Babeth : Nohezahan'ny Protestanta Malagasy ho velona mandrakariva ny fahatsiarovana azy. Betsaka ireo fiangonana mitondra ny anarany ary an'isan'ireny Ambohipotsy nadefonana azy sy Manjakaray izay Tanàna niaviany. Ao koa ny Kolejy Rasalama izay naorina ho fahatsiarovana ny faha-120 taona nandefonana azy.

Mioty : Nihoatra an'i Madagasikara ny lazany.
Raha mandalo any Bristol any Angleterre ianao dia aza hadino ny mitsidika ny Fiangonana Protestanta ao fa misy tsangambato natokana ho fahatsiarovana azy ao.

FAMELABELARANA :Ramatoa RAHARIJAONA mpitandrina(30min)

DINIDINIKA SY FAMETRAHANA FANONTANIANA mpitandrina(30min)

FOTOAMPIVAVAHANA FAMARANANA : Rtoa RAHARIJAONA mpitandrina (15min)

FIFAMPIZARANA ODIAMBAVAFO